TOMPONDAKAN'I MADAGASIKARA AMIN'NY LOMANO

## Any Toamasina amin'ny 19-22 aprily 2022 ho avy izao

Any Toamasina, ao amin'ny dobo filomanosan'ny CRJS amin'ny 19-22 aprily 2022 ho avy izao, no hanatanterahana ny fifaninanana lomano fiadiana ny "Championnats de Madagascar Open Bassin 50m". Fantatra tamin'ny valandresala ho an'ny mpanao gazety nataon'ny Federasiôna Malagasin'ny taranja Lomano, niaraka tamin'ny mpanohana ôfisialy azy dia ny M-Vola tetsy amin'ny foibe toeran'ny Telma etsy Andraharo tamin'ny alakamisy 14 aprily 2022 lasa teo izany. Athleta hihoatra ny 303 isa avy amin'ny klioba maherin'ny 20 ary avy amin'ny Ligy rejiônalin'ny Lomano miisa 5, no fantatra fa handray anjara amin'ity fifaninanana ity.



*Valandresaka tetsy Andraharo.*

Hisy ihany koa ny "Test de classement" ho an'ny sokajy "benjamins", sy ny "competition open" ho tanterahina ao anatin'ity fiadiana ny ho tompondakan'i Madagasikara ity. Voaresaka tao amin'ity valandresaka ity ihany koa ny mikasika ny ho fanomanana ny handraisan'i Madagasikara ny Lalaon'ny nosy 2023, ka nanambaran-dry zareo avy ao amin'ny federasiôna, fa tsy mbola fantatry ny Faritra handray an'io fifaninanana lomano io hatreto ary mbola tsy afaka mampiasa ny dobo filomanosana mafana ihany koa ireo mpilomano eto Antananarivo amin' izao fotoana izao.

**Rainilita**

Rugby Barthés Trophy 2022

## Raraka ny Makis U20 Madagasikara

Raraka teo amin'ny lalao manasa-dalana tamin'ny fifaninanana rugby "Barthés Trophy 2022"ny Makis U20 avy eto Madagasikara. Tamin'ny isa somary mavesabesatra ihany 32-3, no nandresen'ny ekipan'ny Zimbabwe an'ireo mpilalao tarihan'ny mpanazatra Razily, tamin'ny alakamisy 13 aprily 2022 teo tao amin'ny kianja Nyayo Stadium any Nairobi Kenya.

Rava teo izany ny fanirian'ny tanora U20 Malagasy, mba hiatrika ny Mondial rugby U20. Tsy voatohitry ny mpilalao Malagasy ny lamasinina Zimbabweana, ka nifarana teo ny dian'izy ireo tamin'ity fiadiana ny amboaran'ny "Barthés Trophy 2022" ity, fa ny fiatrehana ny fiadiana ny laharana faha-3 sisa no hijanonan'izy ireo any Kenya any.

**Rainilita**


*Makis U20 taona 2022.*

Ligin'ny basikety eto Analamanga

## Fantaro ireo fiovana amin'ny "championnats régionaux"

Satria nisy fiovana teo amin'ny "programme d'activités FMBB 2022" eo amin'ny basket-ball dia miova ho azy araka izany ihany koa, ny "championnats régionaux" ho an'ny Ligin'ny basikety eto Analamanga. Ireto ary ireo fanovana natao ireo :

-Fifaninanana U18 G/F – VETERAN H/D : 07 mey 2022,

-Fifaninanana N1B H – U14 G/F – U16 G/F : 14 mey 2022.

Ny toerana hanatanterahana ny hetsika kosa dia ho eny amin'ny kianja "Université Antananarivo", araka ny efa voalaza tany aloha ihany, ka amin'io sabotsy 07 mey 2022 io, no hanatanterahana amin'ny fomba ôfisialy ny fanokafana ny taom-pilalaovana 2022 ho an'ity ligin'ny basikety eto Analamanga ity.

Hisy ny filaharana hataon'ireo klioba rehetra ato amin'ny ligy amin' izany, ka "obligatoire" ny fandraisana anjaran'izy ireo amin'io filaharambe io.

***Rainilita***


*Basket-ball eto Analamanga.*

## Sakafo Ny Valosoa



Atody mimoza, na œuf mimoza indray, no Sakafo eto amin'ny gazetinao androany. Fanokafam-bavony amin'ny fetin'ny Paska ihany izy io, mampalaza ny fetin'ny Paka tokoa ny atody. Fa ny tena laoka amin'ny sakafo dia na akoho, na gana, na vorontsiloza, na trondro,… araka ny fahefa-mividin'ny isan-tokantrano, dia mazotoa homana tompoko. Mirary Paka sambatra ho antsika rehetra.

## NY VALOSOA sy Mahasoa

## Ny soa azo avy amin'ny voankazo kaki



Ny soa azo avy amin'ny voankazo kaki indray, no Mahasoa eto amin'ny gazetinao androany. Maro ny tombontsoa azo ami n'ny fihinanana ity voankazo ity:

- Misy vitamine A, B, C, E, K, potassium , proteine , fibre , varahiana na cuivre amincopperny sakafo.
- Misy antioxydant, izay hoe miaro amin'ny fahanteran'ny sela.
- Tsara ho an'ny fo.
-Miady amin'ny fanaintainana amin'ny vatana.
- Tsara ho an'ny maso.
- Tsara ho an'ny olona diabetika sy manana tosi-drà ambony.


OFFRE D'EMPLOI

POUR ETOFFER SON EQUIPE COMMERCIALE,

UNE SOCIETE CHERCHE HOMMES DE TERRAIN

**PROFIL :**

**1 - BAC +2 MINIMUM EN : GESTION, COMMUNICATION ou COMMERCE.**

**2 - PERMIS DE CONDUIRE A' (MOTO).**

**3 - HOMMES AGES DE 25 A 35 ANS.**

VEUILLEZ ADRESSER VOTRE DEMANDE D'EMPLOI ET VOTRE C.V. (insérer votre contact / numéro de téléphone pour contact rapide) A L'ADRESSE MAIL :

kavirga.recrute@gmail.com